HAZAKAZAKA LAVITR'EZAKA

# Haverin'ny federasiona sy ny Vima ny «Marathon de Tana»




**Hanomana ny Lalaon'ny Nosy i Hajanirina Andriamparany**

Taorian'ny herintaona niatoana dia hiverina amin'ny alahady 26 oktobra ho avy izao ny fifaninanana iraisam-pirenena ho an'ny hazakazaka lavitr'ezaka na ny *«Marathon international de Tana»*. Hiditra amin'ny andiany faha-14 izy io ka ny Federasiona malagasin'ny atletisma miampy ny fanohanan'ny orinasa Vision Madagascar (Vima) no tompo-marika eo amin'ny fikarakarana. *«Efa nanohana ny hetsika ny Vima tamin'ny andiany faha-12 (2011) sy faha-13 (2013)»*, hoy i Norolalao Ramanantsoa, filohan'ny Federasiona malagasin'ny atletisma.

Hoentina ihany koa hanomanana ireo atletantsika hiatrika ny Lalaon'ny Nosy, hatao any La Réunion amin'ny herintaona, ity fifaninanana iraisam-pirenena ity. Nambaran'ny avy eo anivon'ny federasiona fa *«ezahina ny hisian'ireo atleta vahiny, efa nisy tamin'ireo andiany teo aloha, handray anjara ka hifaninana amin'ireo atletantsika»*. Hiara-dalana amin'io hazakazaka 41,195 km io ihany koa ny fifaninanana misokatra ho an'ny rehetra mirefy 5 km.

**R.A**

Ao Raha 22/07/14